

A NY TOMBO-KASE VOALOHANY. Apokalypsy 6:1-2.

- ❖ Novohana ny toambo-kase voalohany, ary nahita soavaly madio (fotsy) i Jaona. Ny mpitaingina azy dia nampadihy fitaovam-piadiana lava sady maranitra (tsipika) ary nandresy (satroboninahitra).
- ❖ Tandidon'ny Fiagonana voalohany io soavaly io.
- ❖ Nandray hery ny Fiagonana voalohany tamin'ny Pentekosta ary “nivoaka izy ka naharesy sady mbola haharesy.”

B NY TOMBO-KASE FAHAROA. Apokalypsy 6:3-4.

- ❖ Efa nilaza mialoha Jesosy fa hiatrika fanoherana avy amin'ny herin'ny ratsy ny Filazantsara (Matio 10:34).
- ❖ Nanomboka tamin'ny taonjato faharoa, dia nanenjika ny Kristiana ny Fanjakana Romana ary nandatsa-dra ny maritiora marobe.

D NY TOMBO-KASE FAHATELO. Apokalypsy 6:5-6.

- ❖ Mainty no mifanohitra amin'ny fotsy. Voaloto ny fahadiovan'ny Filazantsara an'ny soavaly fotsy teo anelanelan'ny vanim-potoana 313 AD - 538 AD.
- ❖ Navela ny Baiboly, ary noana ny Tenin'Andriamanitra (vary tritika sy vary hordea) ny olona.
- ❖ Nefa, mbola manolotra famonjena ihany Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina (diloilo) sy ny ran'i Jesosy (divay).

E NY TOMBO-KASE FAHEFATRA. Apokalypsy 6:7-8.

- ❖ Ny lokon'ity soavaly ity dia lokon'ny vatana mihalo. Tandindon'ny fahafatesana ara-panahy noho ny fialana tamin'ny Baiboly sy ireo fitsipiky ny Filazantsara.
- ❖ Mitovy amin'ny vanim-potoanan'ny fiagonana Tyatira io: fiagonana maty ara-panahy.
- ❖ Nanampiana famaizana vaovao (fahafatesana sy bibidia) ireo efa teo aloha (sabatra sy hanoanana). Mety ho fomba avy amin'Andriamanitra hanairana ny Fiagonana izany ka hiverenan'izy ireo indray avy tamin'ny fihodinany (Levitikosy 26:21-41) 26:21-41).

F NY TOMBO-KASE FAHADIMY. Apokalypsy 6:9-11.

- ❖ Tao amin'ny Tempoly, ny ran'ny biby hatao fanatitra dia naidina teo ambodin'ny Alitara fandroana ny fanatitra dorana (Levitikosy 4:25).
- ❖ Teo no nahitan'i Jaona—ara-tandindona—ireo olona (fanahy, jereo 1Mpanj. 15:29) izay novonoin'ny Fiagonana Romana noho ny finoan'izy ireo.
- ❖ Lazaina fa mendrika ireo maritiora ireo (jereo Apok. 3:4) ary nahazo toky fa tsy hanadino azy ireo Andriamanitra. Tsy maintsy miandry izy ireo mandra-pamaritra izay ho anjaran'ny tsirairay ka ho avy indray Kristy “mba hamaly ny olona rehetra araka ny asany.” (Apok. 22:12)
- ❖ Amin'izay fotoana izay, dia hatsangana amin'ny maty izy ireo ary hiaraka amin'ireo “mpiaramanompo aminy sady rahalahiny”.

G NY TOMBO-KASE FAHENINA. Apokalypsy 6:12-17.

- ❖ Ireo famantarana izay lazain'ireo andininy ireo dia tanteraka tokoa araka ny filaharany:
 - 11/1/1755 Horohorontany tany Lisbonne
 - 5/19/1780 Fahamaizinana tamin'ny 10 maraina
 - 5/19/1780 Tahaka ny ra ny volana
 - 11/13/1833 Niraraka ny kintana
- ❖ Velona amin'ny vanim-potoanan'ny toambo-kase fahenina isika, mandra-pahafantatry ny olona rehetra ny fahamarinan'ny Filazantsara. Ireo izay manda ny fahamarinana dia te handositra ny fanatrehan'ny Zanak'ondry. “Ka iza no mahajanona?”